Toriteny iombonana ny **Sabata 21 Janoary 2023**
(Andro natokana ho an'ny fahafahana ara-pivavahana)

## Lohateny: "NY TENA FAHAFAHANA ARA-PIVAVAHANA"

**FAMPIDIRANA**

Babo tany amin'ny firenena tsy matahotra an'Andriamanitra ny Zanak'Israely. Ny marina kokoa, firenena izay manana andriamanitra hafa. Tsy hoe tsy mino izy ireo fa misy Andriamanitra, fa manana ny andriamanitra izay hivavahana izy ireo.

Etsy an-daniny, kolotsaina nanjaka tamin'izany ny hoe ny herin'ny andriamanitra ivavahanao dia refesina eo amin'ny ady hatrehanao. Azonao sary an-tsaina @ izany ny ady atrehan'ny zanak'Israely rehefa babo. Olana lehibe satria toy ny midika izany fa malemy ny Andriamanitr'izy ireo. Koa dia amin'ny fomba rehetra no haneren'ilay firenena mpandresy anao hanaraka ny andriamaniny sy ny fombany.

Ny tantaran'i Daniela sy ny namany telo lahy anefa dia toy ny mamaly izany fihaikana izany, ary maneho amintsika ireo fototry ny fahafahana ara-pivavahana.

### 1- FAHAFAHANA FOMBA FIANA

Ny fitsapana voloahany nanjo an'i Daniela dia hitantsika ao amin'ny Daniela 1 : 8. Teo anoloan'i Daniela avokoa ny sakafo rehetra. Toa tombotsoa lehibe izany hoe, hihinana eny amin'ny lapan'ny mpanjaka. Tsy nisy fanerena eto. Fanehoana tombotsoa fotsiny.

Tsy nalaim-panahy mihitsy anefa Daniela sy ny namany hieritreritra hoe : « sarotra ny handà, sady ny tena babo, » na koa hoe « ny tena aza ity efa mba karakaraina.» Tsy nalaim-panahy mihitsy izy hanatsotra ny fomba fiainany. Tsy natakalony tombotsoa ny fomba fiainany momba an'Andriamanitra.

**Lesona 1** : Ny fahafahana ara-pivavahana dia miainga @ fijoroanao ho mahotoky @ fomba fiaina ara-tsoratra masina na dia mbola tsy misy ny fanerena mivantana, na eo amin'ny safidy misy tombotsoa.

### 2- FAHAFAHANA ARA-TSAINA

Ny endrika faharoa @ fihaikana natrehan'izy ireo, dia ny fanovana ny anaran'izy ireo sy ny fampianarana azy ireo fomba amam-panao Babyloniana. Voalaza fa nomanina ho mpisikidy, ho mpanandro, ary ho olon-kendry babyloniana. Ny anarana mantsy dia taratry ny toetra, maneho ny personnalité indrindra teo amin'ny kolotsaina fahiny.

Saingy ny anarany no azo ovaina fa tsy ny toetrany. Noporofoiny fa tsy afaka hanova ny finoany na ny fanovana anarana, na ny fianarana vita.

**Lesona 2** : Ny fahafahana ara-pivavahana dia mifototra eo @ fijoroanao ho mahatoky @ toetranao eo anoloan'ny fihaikana sy ny sintona (influence) ataon'ny manodidina. Fijoroanao @ izay inoanao manoloana ny fampianarana maro samihafa. Ny fahasahianao miteny toy ny an'ny Paoly hoe : « Fantatro izay inoako ! »

Raha tsorina ny fahafahana ara-pivavahana dia ny fahatsapanao ao anatinao fa tsy misy olona afaka hanery ny « conscience-nao » ny amin'izay inoanao.

### 3- FAHAFAHANA MIVAVAKA

Ny fihaikana farany ho jerentsika dia ireo tranga roa mitovy nanjo an'i Daniela sy ny namany. Teto amin'ity tranga farany ity dia tsy niaraka niharan'ny fitsapana izy ireo. Izy telo mirahalahy : Sadraka, Mesaka ary Abednego tetsy an-daniny, Daniela irery nitokana tetsy an-kilany.

Samy nahazo fanerena avy izy ireo hivavaka amin'ny andriamanitra hafa. Ny an'izy telo lahy dia ilay sary olona volamena. Ny an'i Daniela kosa dia fivavahana atao amin'ny mpanjaka ao anatin'ny 30 andro. Tena fihaikana izany. Tsy fampiraviraviana tombotsoa intsony no hita eto, tsy fisintonana (influence) amin'ny fanovana anarana sy fampianarana ara-pilozofia sy siansa, fa fanerena mivantana mihitsy.

Nahafinaritra nefa ny fihetsik'izy ireo. Na dia tsy niaraka intsony aza izy ireo fa tafasaraka, dia nahajaoro tany amin'ny toerana nisy azy avy. Afaka mijoro foana isika eo amin'ny toerana misy antsika.

**Lesona 3** : Ny fahafahana ara-pivavahana dia ny fijoroanao ho amahatoky eo amin'ny fitsapana mahamay sy fanerena anao handà ny finoanao sy ny Andriamanitrao !

**FAMINTINANA**

Raha ireo lesona telo ireo no lazaina ny fahafahana ara-pivavahana izany dia miainga amin'ny fahahafahana ara-tsaina « liberté de conscience ». Ny fahatsapanao fa tsy misy olona afa-miditra eo amin'ny sainao, ao amin'ny eritreritrao indrindra eo amin'ny safidinao. Manery ny vatanao @ fanaovana herisetra maro samihafa no azon'ny olona atao fa tsy afaka manery ny sainao sy ny safidinao izy.

Ny ady amin'ny fahafahana ara-pivavahana izany, dia tsy miainga eo amin'ny fangatahana alefa any amin'ny fanjakana na ny toeram-piasana mba hanome antsika Sabata sy ny hafa. Ny fahafahana ara-pivavahana sy ny fifandraisana amin'ny fanjakana dia ny fahavononantsika haneho ny finoantsika amin'ny fahasahiana kenefa am-pahendrena tanteraka eo anatrehan'izy ireo. Mila olona mahatoky amin'izay inoany izao tontolo izao. Azontsika aseho mandrakariva izany eo amin'ny fifandraisana amin'ireo andrim-panajakana tahaka ny nataon'i Daniela hahatonga azy ireo hiaiky fa « tsy misy Andriamanitra lehibe mihoatra ny Andriamanitr'i Daniela » dia Ilay Andriamanitrao izany !

Amen !

Pasteur Rado Rakotonandrasana
Talen'ny Departemanta ny Fifandraisana/ PARL
Ranomasimbe Indiana